REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana – Fandrosoana
****

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA
****

SECRETARIA JENERALY
****

TENIMITA

Fiaviany : Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena
Laharana : 2015/ 317 -MEN/SG
Daty : 26 MAI 2015
Antony : Fampahafantarana ny rafi-pitantanana FEFFI eo anivon'ny sekoly
Todika : Didim-panjakana lah.2015- 707 tamin'ny 21 aprily 2015 manafoana ny Didim-panjakana lah. 2002/1007 tamin'ny 11-09-2002 mikasika ny fametrahana ny FAFF.
Andefasana : Ny Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena rehetra (DREN)
: Ny Lehiben'ny Fari-piadidiana ny Fampianarana rehetra (Chefs CISCO)
: Ny Sefo ZAP rehetra
: Ny Talen-tsekoly rehetra (EPP, EC)
Fanatanterahana : Avy hatrany

Manomboka amin'ity taona 2015 ity dia miova ny rafitra hitantana eo anivon'ny sekoly ny fanatsarana ny fampianarana eto Madagasikara. ka, araka ny Didim-panjakana voalaza eo ambony, dia foana ny FAFF ary atsangana ara-dalàna ny **"Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony" (FEFFI)**. Io rafitra io no handany sy hanatanteraka ny **Tetik'asa an-tSekoly Ifanekena (TeSI)**, na **"Projet d'Etablissement Contractualisé (PEC)"**

TOROMARIKA ANKAPOBENY

Ny vola fanampiana izay tonga eny anivon'ny sekoly dia arotsaka ao amin'ny kaontin'ny sekoly ka ny Biraon'ny FEFFI no mitantana azy.
Io vola io dia hoenti-manohana ny fanatanterahana ny tetikasa an-tsekoly niaraha-nanapaka tao amin'ny fivoriambe, araka ny laharam-pahamehana.

Toy izao ary ny torolàlana momba ny fametrahana ny rafitra, miaraka amin'ny andraikitry ny tsirairay.

I. EO ANIVON'NY SEKOLY

1.-ANTOM-PISIAN'NY FEFFI

Atsangana ny FEFFI noho ireto antony ireto :

- Hanarenana ny lesoka teo amin'ny rafi-pitantanan'ny FAF teo alona.
- Hahafahana mamolavola sy mametraka **Tetikasa an-tSekoly Ifanekena (TeSI)** na **"Projet d'Etablissement Contractualisé" (PEC)**
- Hanamafisana ny fiaraha-manara-maso ny asa sy ny fitaovana ary ny vola hampandrosoana ny fanabeazana
- Hametrahana rafitra ifampitokisan'ny mpiombona antoka rehetra

27 MAI 2015
E04/MAT-EPTMS
CSE

2.- TANJON'NY FEFFI

Fanatsarana ny tontolon'ny fampianarana amin'ny lafiny :

- ✓ Fampidirana ny ankizy tonga taona rehetra an-tsekoly ;
- ✓ Fitazonana ny mpianatra hahavita tanteraka ny fanabeazana fototra;
- ✓ Fampitoviana zo ny zaza malagasy rehetra amin'ny lafiny fanabeazana;
- ✓ Kalitaon'ny fanabeazana ;
- ✓ Fanentanana sy fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny fiainan'ny sekoly
- ✓ Fitantanana

3.- RAFITRY NY FEFFI

Ireto avy ny rafitra hita ami'ny FEFFI

- Ny Fivoriambe
- Ny Birao Maharitra
- Ny Mpanara-maso misahana ny :
  - ➢ Fanaraha-maso ny kaonty,
  - ➢ Fizohiana ny fizotry ny asa,
  - ➢ Fampitam-baovao sy serasera

4.- IREO MPIKAMBANA ISAKA NY RAFITRA

4.1.- NY FIVORIAMBE, ahitana ireo:

- olom-pirenena feno 18 taona,
- ray aman-drenin'ny mpianatra,
- talen-tsekoly, mpampianatra ary solon-tenan'ny mpianatra,
- maintimolaly sy zanaka ampielezana,
- solon-tenan'ny mpitondra fanjakana, mpitondra fivavahana, fikambanana tsy miankina,olona tsara sitrapo, ary Olobe

Ireo olona rehetra ireo dia eo amin'ny faritra misy ny sekoly.

4.2.- NY BIRAO MAHARITRA, misy:

- ny Mpikambana avy hatrany dia ny Talen-tsekoly izay mpitan-tsoratra maharitry ny FEFFI,
- ny Filoha sy ny Mpitambola izay samy ray aman-drenin'ny mpianatra ary ny Filoha Lefitra voafidy eo amin'ny fivoriam-be (raha ilaina ary tsy avy amin'ny ray aman-drenin'ny mpianatra)
- ny mpanolo-tsaina natolotry ny fikambanana mpiombon'antoka ao amin'ny FEFFI izay tendren'ny Filohan'ny Birao Maharitra

Ny fifidianana rehetra dia tsy maintsy manaraka ny fomba demokratika.

4.3.- NY RANTSA-MANGAIKA MANARA-MASO

- Ny Mpanara-maso ny kaonty miisa roa (2), voafidy eo amin'ny fivoriam-be;
- Ny Komity mpanara-maso ny fizotry ny asa nifanekena (TeSI);
- Ny Komity misahana ny serasera sy fampitam-baovao.

5.- NY ANDRAIKITR'IREO RANTSA-MANGAIKA

5.1.- NY FIVORIAMBE

- ✓ Mifidy ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.
- ✓ Mamantatra ny zava-misy ao an-tsekoly sy ny manodidina azy ahafahana mandroso vahaolana
- ✓ Mankato ny TeSI natolotry ny Birao Maharitra
- ✓ Manao ny tombana sy manara-maso ny fanatanterahana ny TeSI

*Tsara ny manamarika fa misy fivoriambe in-telo isan-taona ny FEFFI ankoatry ny fivoriambe manokana atao noho ny hamehanana .

5.2.- NY BIRAO MAHARITRA

- ✓ Manomana ny lahadinika sy ny fanatontosana ny fivoriam-be
- ✓ Mandrafitra ny Tetikasa an-tSekoly Ifanekena (TeSI)
- ✓ Mamolavola ny vinavinam-pandaniana
- ✓ Manao tatitra amin'ny ambaratongam-pitondrana

- **Ny filoha, na ny filoha lefitra** no misolo tena ny FEFFI eo amin'ny sehatra isan'ambaratonga;
- **Ny mpitam-bola** no miandraikitra :
  - ny fanajana ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola,
  - ny fandoavam-bola, ary
  - ny fitehirizana ny vola sy ny taratasim-bola amin'ny toerana azo antoka
- **Ny talen-tsekoly** no mpitan-tsoratry ny Birao Maharitra ka :
  - mitahiry ny antontan-taratasy mahakasika ny FEFFI sy ny TeSI;
  - miandraikitra ny fandefasana tatitra amin'ny ambaratonga

5.3.- NY RANTSAMANGAIKA MPANARAMASO

- ✓ **Ny Mpanara-maso ny kaonty** no :
  - Manamarina ny kaontin'ny FEFFI, miaraka amin'ireo taratasy fanamarinana rehetra,
  - Manara-maso ny bokim-bola,
  - Mitandro ny fahadiovan'ny fitantanana

5.4 NY KOMITY MANOKANA

- ✓ **Ny komity mpanara-maso** no miantoka:
  - ny fananantenahana ny TeSI, sy
  - ny fanajan'ny tsirairay ny andraikitra nekeny
- ✓ **Ny komity misahana ny serasera** no misahana ny fanentanana sy ny fampitam-baovao

6.- NY LAMINA ARA-BOLA

6.1.- NY LOHARANOM-BOLA

- ✓ Vokatry ny fitadiavam-bola ataon'ny FEFFI,
- ✓ Fanomezana na tolotra,
- ✓ Fanampiana, avy amin'ny FRAM, fikambanana sy ireo tsara sitra-po,
- ✓ Fanomezana avy amin'ny Fanjakana Foibe na Vahiny.

6.2.- NY FITEHIRIZANA NY VOLA

- ✓ Tsy maintsy atao amin'ireto ny volan'ny FEFFI:
  - Tahirim-Bolam-Panjakana *(« Compte de dépôt »)*, na
  - Banky, na
  - *"Organisme financier"* akaiky indrindra
- ✓ Tsy maintsy sokafana amin'ny anara'ny Sekoly ny kaonty, ary ao daholo ny vola rehetra
- ✓ Afaka mitana lelavola kirakira voafetra ny mpitam-bola

6.3.- NY FIVEZIVEZEN'NY VOLA

Na ny vola miditra na ny mivoaka dia:

- ✓ nahazo ny fankatoavan'ny Filohan'ny Birao Maharitra sy ny Tale.
- ✓ mila ny sonian'ny filohan'ny Birao Maharitra sy ny mpitam-bola.

Fepetra ahafahana mahazo ny fanampiana ho an'ny sekoly

.Noho izany ireto avy ny fepetra takiana hahazoana ny fanampiana:

- Ny fitsanganan'ny birao maharitry ny FEFFI voamarin'ny Fitanana an-tsoratra tamin'ny fananganana ny Birao, sy ny fanapahana manendry ny Birao ataon'ny Fari-Piadidiam-Pampianarana (CISCO).
- Ny fananana Tetikasa an-tSekoly Ifanekena(TeSI/PEC), nifanarahana sy nekena teo amin'ny Fivoriambe.
- Ny fananana lamim-pandaniana ("Programme d'emploi") mifanaraka amin'izany tetikasa izany.

Fisintonana sy fametrahana ny vola

Tsy maintsy manokatra kaonty, ao amin'ireny fampindramam-bola madinika toy ny OTIV, CECAM na TIAVO ny FEFFI raha toa ka mbola tsy manana. Izany dia mba ahafahana mitahiry ny vola.

Ho an'ireo sekoly lavitra sy saro-dàlana dia azo atao indray misintona ny vola ao amin'ny kaontin'ny sekoly mba hialana amin'ny fivezivezena

Momba ny taratsim-bola

Alefa ho tehirizin'ny CISCO ny taratasy nifaneken'ny FEFFI sy ireo nametrahana ny vola ("Organismes financiers"), miampy ny "carnet" nomeny ho an'ny sekoly tsirairay isaky ny ZAP ao amin'ny CISCO ho fitsijovana ny fanarahamaso izay azo atao ao anatin'ny dimy taona.

Amin'ny famindram-pahefana eo amin'ireo tompon'andraikitra mifandimby, ny taratasy fanamarinana ny fividianana entana dia tokony ho tehirizina amin'ny toerana azo antoka ao anatin'ny dimy taona farafahakeliny.

Tokony hanao tatitra isan'ambaratonga (Sefo ZAP) ny amin'ny kaontim-bola sy ny fizotry ny TeSI (PEC) ny FEFFI miaraka amin'ny Tale, ary atao isan-telo volana izany.

II.- EO ANIVON'NY ZAP :

Fe-potoana	Asa
15 andro alohan'ny ny fialantsasatra isan-telo volana	-Manangona ny tatitra isan-telo volan'ny sekoly iadidiany -Mamakafaka, mandravona ny tatitra rehetra -Mandefa ny fandravonana sy tatitra any amin'ny CISCO

III.- EO ANIVON'NY CISCO

Fe-potoana	Asa
Faran'ny telovoana voalohany	Manangona sy manamarina ireo boky sy vinanavinam-pandaniana ary ny fitànana an-tsoratra ny fananganana ny biraon'ny FEFFI ao amin'ny CISCO iadidiany
Mandàvan-taona	Mamaha ny olana tsy voavahan'ny Chef ZAP eny anivon'ny sekoly
Mandavan-taona	Manara-maso ny fanantanterahan'ny Chef ZAP ny asany ary mitondra ny fanitsiana ilaina
Herinandro alohan'ny fialan-tsasatra isan-telo volana	-Manangona, mamakafaka, sy mandravona ny tatitra avy amin'ny Chef ZAP -Mandefa ny tatitra isan-telo volana any amin'ny DREN

IV.-EO ANIVON'NY DREN

Fe-potoana	Asa
Raha vao maharay ireo antontan-taratasy ireo avy any amin'ny MEN	Mampahafantatra, manazava ary manome torolalana ny Chefs CISCO
Mandavan-tacna	-Mamaha ny olana tsy voavahan'ny CISCO ; -Manara-maso ny fanantanterahan'ny CISCO ny asany.
Eo am-pandohan'ny fialan-tsasatra isan-telo volana	-Manangona, mamakafaka, sy mandravona ny tatitra avy amin'ny CISCO -Mandefa ny tatitra isan-telo volana any amin'ny DEF/MEN : - tatitry ny CISCO voaravona - tatitra momba ny fitsinjàram-bola sy ny toe-bola

Mitaky fomba fiasa hentitra sy malaky ny fanatanterahana ity Tenimita ity.

5